REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana
Présidence
Direction de la Communication

Fanambarana nataon'ny Filoham-pirenena Hery Rajaonarimampianina

Lapan'Iavoloha - 07 Septambra 2018

Ry vahoaka malagasy mpiray tanindrazana amiko,

Mandalo dingana lehibe ny firenentsika manomana ny fiatrehana ny fifidianana ho Filohan'ny Repoblika.

Raha nanao fanamby taminao aho tamin'ny faha-25 janoary 2014, izany hoe 4 taona sy fito volana lasa izay, dia maika daholo ny zavatra rehetra tamin'izany. Nambarako fa ny ady amin'ny fahantrana no tanjona, nefa tsy maintsy namerina ny fiandrianam-pirenentsika isika, satria voasazy tamin'ny endriny rehetra nandritra ny 5 taona talohan'izay. Hapetraka ny tany tàn-dalàna sy ny fitsarana tsy mitanila ary hatrehina haingana ireo zavatra maro manahirana ny vahoaka : ny fampianarana, ny fahasalamana, ny herinaratra, ny fandriam-pahalemana, ny olan'ny tanora, ny vehivavy sy ny ankizy sns …

Tsy nivadika akory anefa ny andro fa ny harivan'iny nanaovako fianianana iny ihany dia nanomboka ny fanakorontanana sy fampiorohoroana, ka olona maro no naratra sy namoy ny ainy mihintsy aza teo Anosy akaikin'i Mahamasina. Ary saika nitohy foana izany nadritra ny fotoana nitantanako.

Tamin'izany fotoana izany dia nisy ihany koa ireo andrim-panjakàna tsy mbola nitsangana. Anisan'izany ny Antenimieran-doholona sy ny Fitsarana Avo (Haute Cour de Justice).

Etsy andaniny dia tsy maintsy nomanina ny hametrahana ireo ben'ny tanàna (na maires) amin'ny alalan'ny fifidianana.

Raha ny eo amin'ny ara-toekarena indray dia makadiry ny fanamby nanomboka amin'ny sehatry ny fambolena sy fiompiana izay hiasan'ny ankamaroan'ny vahoaka Malagasy, ka mivelatra amin'ny sehatra samihafa : làlana, jono, indostria, fitaterana, fitrandrahana harena an-kibon'ny tany, teknôlôjia vaovao sns..

Ny tanjona tamin'izany dia ny hametrahana foto-drafitr'asa fototra, mafy, mijery lavitra, ary hisitrahan'ny rehetra, ka hiteraka asa sy fitomboan'ny vokatra ary ny fanondranana entana, ka hitomboan'ny harin-karem-pirenena.

Nila nifandresy lahatra tamin'ny mpiaramiobo-nantoka sy ny sampan-drahara iraisam-pirenena isika taorian'ny nanaovako ny fihanianana teo anatrehanareo ny 25 janoary 2014. Ampatsihahivina tokoa fa ny taona 2008 ny Tahirim-bola iraisam-pirenena – na FMI – no niala teto Madagasikara satria tsy natoky intsony ny mangarahara amin'ny fitondrana ny raharaham-panjakana teto amintsika, tamin'izany.

Fantatra anefa fa tsy maintsy naverina, ny fiaraha-miasa amin'izany Tahirim-bola Iraisam-pirenena izany, vao miverana ireo mpamatsy vola hafa hanantanteraka ny fametrahana ireo fotodrafitr'asa fototra sy asa fampandrosoana ny Firenena. Indrindra indrindra ny avy amin'ireo sehatra tsy miankina avy any ivelany.

Ny volana jolay 2016, izany hoe roa taona sy tapany taorian'ny nitondrako ary 8 taona taorian'ny nialan'ny FMI vao tafaverina tanteraka teto Madagasikara niaraka tamintsika izy ireo. Napetraka ny FEC, facilité élargie de credits, adika amin'ny teny malalaka hoe fanamorana mivelatra ny famatsiam-bola avy amin'ny Tahirim-bola Iraisam-pirenena, izay lakilé mamoha ny varavaran'ny fitokasian'ny mpamatsy vola hafa indrindra ireo avy amin'ny sehatra tsy miankina iraisam-pirenana.

Izay no nahafahantsika, tao anatin'ny enim-bolana monja tahorian'ny nazahoana ny FEC, nanatanteraka tany Parisy – ny volana desambra 2016 – ny fivoriam-ben'ireo mpamatsy vola sy mpampiasa vola iraisam-pirenena ka nanaovin'izy ireo fanamby hitondra 10 lavitrisa dollar amerikana, 10.000.000.000 US$.

Hita tsy am-pihambahambana ny asa rehetra natao sy ny vokatr'izany ny taona roa farany nodiavin-tsika teo. Tsy hitanisa an'izy ireny aho satria marobe ary tsy ho azo kosehina na hototofana sy hafenina izy ireny.

Na dia nanome ny heriko rehetra aza aho hahatontosa izay rehetra tokony ho an'ny firenena, ho anareo vahoaka, tsy maintsy manaiky amim-panetretena aho fa tsy tanteraka avokoa izay nokasaina natao satria be loatra ny lavaka nototofana ka sady manototra no manangana.

Naneho tamintsika ny fahavononako hanohy, raha sitrakareo, ny zavatra nantombontsika aho, ka izany no nametrahako ny filatsahako ho fidiana ho Filoham-pirenena ho amin'ny fifidianana izay notapahan'ny Governemanta hatao, ny fiodinana voalohany, amin'ny faha 7 novambra 2018 ho avy izao.

Ry vahoaka Malagasy,

Ianareo no nifidy ahy koa raisiko ho adidy lehibe ny milaza aminareo indray ny finiavako hiaro lalandava hatrany ny tombotsoa ambonin'ny Firenana sy ny Fihavanana ao anatin'ny fanarahan-dalàna.

Hatramin'izay dia ny fandalàna hatrany ny lalàna, ary voalohany amin'izany ny lalàm-panorenana, no nitondra sy mitondra ary hitondra ny ataoko rehetra amin'ny adidy sy andraikitro.

Eo amina kihon-dalana isika izao. Mila fitoniana ny firenena ho fiatrehana ny fifidianana izany na ho fiatrehana ny fampandrosoana.

Etsy andanin'izany dia marobe koa anefa ireo vondron'olona na olon-tsotra na mpanao pôlitika na mpitondra fivavahana, na ray aman-drenim-piaraha-monina nanatona ahy, na niantso ahy, naneho ny ahiahin'izy ireo manoloana ny hiatrehana ny fifidianana.

Izay iraisan'ny rehetra dia ny tsy tokony hiverenan'i Madagasikara amina krizy intsony ka ny antoka amin'izany dia tsy misy afa-tsy ny fanajàna ny lalàna sy ny lalàm-panorenana ihany. Mila antoka ny vahoaka. Tsy afaka ny tsy mihaino izany ny mpitondra isan'ambaratonga sy ny Filoham-pirenena.

Tompon'antoka voalohany amin'ny fanajàna ny lalàna aho indrindra ny lalàm-panorenana eo amin'ny fahefana nomenareo vahoaka ahy.

Raha miala aho, satria voatondron'ny lalàm-panorenana fa tokony hametra-pialàna, dia tsy ny Filoham-pirenena irery no natao ho fatram-panaja ny lalàna fa isika olom-pirenena rehetra koa.

Misintona lakolosy aho ny hanajàna ny lalàm-panorenana sy ny lalàm-panjakana ho tombontsoam-pirenena sy ny vahoaka.

Raha tena ho tian-tsika ho tany tan-dàlana marina i Madagasikara dia tsy maintsy manaraka sy manaja ny Làlana velona ny rehetra.

Mitodika manokana aminareo mpisam-panjakàna aho, indrindra ianareo tompon'andraikitra isan-tsokajiny izay hiandraikitra ny fanatanterahana ny fifidianana. Ianareo no hiantoka sy ho tompon'andraikitra eo anatrehan'ny vahoaka sy ny tantara ny hahatomombana araka ny lalàna sy ny fenitra takian'ny fangaraharana izao fifidianana hatrehintsika izao.

Aoka ianareo hijoro amin'ny fanajàna lalàna amin'ny endriny rehetra.

Aoka ianareo mba ho tena mpiantoka mahatoky ny fiarovana ny tena safidim-bahoaka ka haneho amin'ny fomba rehetra ny fahamendrehanareo eo anatrehan'izany adidy masina izany, ka hitondra ny fitokisan'ny rehetra izay ho voka-pifidiananana eo

Rehefa tsy nanao REFERENDUM – Fitsapakevim-bahoaka – isika hanovàna ny lalam-panorenana dia aoka arahina ara-bakiteny izay Lalàm-panorenana misy eto.

Ny fanehoan-kevitry ny vahoaka amin'ny latsa-bato – ihany no afaka manova ny voalazan'ny lalàm-panorenana

Raha sanatria tsy izay no mitranga, dia mandrombaka ny safidy sy ny fahefana napetraky ny vahoaka isika ka mamitaka azy.

Miantso ny rehetra ny tenako hanajà ny lanjan'izay maha-Andriamanjaka ny vahoaka izay.

Ireo no hafatra tsy maintsy nampitaiko aminao. Ry vahoaka Malagasy manerana an'I Madagasikara sy ianareo monina any ivelany. Tonga izao ny fotoana hametrahako fialàna

amin'ny maha-Filohan'ny Repoblika ahy araka ny voalazan'ny lalàm-panorenanana ao amin'ny andininy 46 andalana faharoa. Io andalana io dia mandidy ny hialan'ny Folohan'ny Repoblika amperinasa izay milatsaka hofidiana indray 60 andro alohan'ny daty hanatanterahana ny fifidianana.

Efa napetrako any amin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalam-panorenana, androany 7 septambra 2018, ny fangatahako ny hanamarihana izany satria dia tohin'ny filatsahako hofidiana amin'ny fifidianana Filohan'ny Repoblika izany.

Eto am-pamaranana dia tsy haiko ny tsy hisaotra anao vahoaka Malagasy tsirairay avy amin'ny ezaka izay natolotrao hampandrosoana ny Firenena sy ny fitokisana napetrakao tamiko. Imbetsaka aho no milaza fa mila olona tena tia Tanindrazana I Madagasikara hitondra azy any amin'ny Fisandratany.

Maro dia maro ireo foto-drafitrasa efa vita saingy tsy vitako ny fitokanana azy sy ny fanolorana azy mba hisitrahanareo vahoaka azy ireny. Mbola mitohy ny asan'ny Governemanta amin'ny fampandrosoana ny firenena ka izy ireo no hanao izany.

Izaho kosa mbola hitsidika anareo amin'ireny toerana ireny hiarahantsika mahita ny tombontsoa hoentin'izy ireny eo amin'ny fiainanareo andavanandro.

Anisan'ny fahatsiarovana tsy afaka ato am-poko ny fihaonana sy fifaneraserana taminareo mpiray tanindrazana nandritra ireny fitsidiham-paritra maro nataoko ireny, satria nanovozako hery lehibe.

Misaotra eram-po eran-tsaina tamin'ny fandraisana, ianareo vehivavy nanolotra tsiky, ianareo ankizy nanofahofa tànana, ianareo lehilahy namporisika ary ianareo tanora izay liana tamin'ny fizarako ny Vinan'ny fisandratana ka nentanin-kafanampo.

TSY HO ADINOKO IRENY REHETRA IRENY! Mbola hotohizantsika ireny.

Miantso anao sahady aho hanatanteraka ny adidy masina amin'ny andraisanao anjara amin'ny fifidianana.

Samia ho tahian'Andriamanitra,
Mankasitraka tompokovavy, misaotra tompokolahy!

La Direction de la Communication
Présidence de la République
Ce 07.09.18